Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

Strasbourg

# PASKA 2024

## *Alahady 31 Martsa 2024*

## Mpitandrina : RASOANIRINA Nina R

**Feon-javamaneno**

**(mitsangana)**

Mpitarika **: Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina !**

Fiangonana **: Amen !**

Officiant **: Au nom du Père, du Fils et du Saint Esprit !**

Assemblée **: Amen !**

## FIFAMPIARAHABANA
## FIANTSOANA

## SALUTATION
## INVOCATION

*Hira fiderana : FFPM 146 :1-3 (Anao ny dera, ry Zanaky ny Ray !)*

1. Anao ny dera,
ry Zanaky ny Ray !
Anao ny fandresena
ry Mpanjakanay !
Ny fasana nivoha
noho ny herinao,
Ny Anaranao tsitoha
tsy voatana tao !

Fiv : Anao ny dera,
ry Zanaky ny Ray !
Anao ny fandresena
ry Mpanjakanay !

**FIFAMPIARAHABANA**
**FIANTSOANA**

**SALUTATION**
**INVOCATION**

*Hira fiderana : FFPM 146 : 1-3 (Anao ny dera, ry Zanaky ny Ray !)*

3. He, ravo aho !
Izy no santatra
Izaho koa hifoha
mba ho sambatra !
Ny fandresen'i Jeso
lovako tokoa,
Ny Anarany Tsitoha
hanangana ahy koa !

Fiv : Anao ny dera,
ry Zanaky ny Ray !
Anao ny fandresena
ry Mpanjakanay !

**VAVAKA FIHAONANA**

## FIAIKEN-KELOKA

*Mpitarika* : Vavaka

*Fiangonana* :

**« Ry Rainay be Famindram-po ô, mitalaho aminao izahay ; Mamelà ny helokay ; Diovy izahay ho afa-pahotana ; Sasao izahay ho afa-keloka ; Ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amena. »**

## CONFESSION DES PECHES

*Officiant* : Prière

*Assemblée* :

**« Ô Père miséricordieux, nous Te prions ; pardonne-nous ; purifie-nous de nos péchés ; lave-nous de nos iniquités ; et renouvelle en nous un esprit disposé à te servir. C'est l'amour de Ton Fils Jésus-Christ que nous Te demandons. Amen »**

***Hira fifonana : FFPM 415,1-2 « Mifona Aminao izahay !»***

1. Mifona aminao izahay,
Andriamanitra ô!
Mba mamelà ny helokay,
:,: Fa diso izahay. :,:

2. Mivavaka aminao izahay,
Ry Jeso Tompo ô !
Avoty ny ranao izahay,
:,: Fa very izahay. :,:

## TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA

*Mpitarika* : ***(Teny famelan-keloka)***
*Fiangonana* : ***Amen***

## FANKALAZANA

*Mpitarika* : ***Voninahitra any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra***

*Fiangonana* : ***Ary Fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany***

## DECLARATION DU PARDON ET RECONCILIATION

*Officiant* : ***(Déclaration du pardon)***
*Assemblée* : ***Amen***

## CELEBRATION

*Officiant* : ***Gloire à Dieu dans les lieux très hauts***

*Assemblée* : ***Et paix sur la terre parmi les hommes qu'il agrée***

*Hira : FFPMA 128,2- 3  (Matokia ry mpanota !)*

2. Matokia, ry mpanota,
An'i Jeso Avotrao,
Fa ny ota nahadiso
Afaka tokoa izao;
:,: Velona ny Tomponao,
Afany ny helokao. :,:

*Hira : FFPMA 128,2- 3 (Matokia ry mpanota !)*

3. Eny, fa nitsangana ela
Jeso Kristy Tomponao,
Ka namoha vavahady
Any mba hidiranao;
:,: Velona ny Tomponao,
Ka efa nialoha anao. :,:

**Feon-java-maneno fohy**

**FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

**LECTURE DE LA PAROLE DE DIEU**

***Hira : FFPM 133,1-2 (Efa namangy ny olony!)***

1. Efa namangy ny olony
Jeso 'zay Tompon'ny aina
Lasa ny alina maizina
:,: Tonga indray ny maraina !:,:

*Hira : FFPM 133,1-2 (Efa namangy ny olony!)*

2. Maty ny Tompo ! nalevina,
Nidina nita ny ony
Nefa nitsangana velona
:,: Koa tsy maty intsony ! :,:

*Mpitarika :* Ho aminareo anie ny Tompo

*Fiangonana* : *Ary ho amin'ny Fanahinao*

*Mpitarika* : *Vavaka*

*Vakiteny voalohany :*

Asan'ny Apostoly 10.34-43

*Epistily* :

Kolosiana 3.1-4

*Filazantsara* :

Marka 16.1-8

*Fiangonana* : Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara !

*Officiant : Que le Seigneur soit avec vous !*

*Assemblée* : Et avec ton esprit !

*Officiant* : *Prière pour les lectures*

*Première lecture :*

Actes des Apôtres 10.34-43

*Épître* :

Colossiens 3.1-4

*Évangile* :

Marc 16.1-8

*Assemblée* : Béni soit le nom de l'Eternel pour l'Evangile !

*Hira : FFPM 133,5-6 (Teniny tsy mba mivadika !)*

5. Tonga ny taom-pamangiana
Tondraka ny famonjena
Velona ny fihobiana
:,: Aina vaovao no nomena !:,:

**FANEKEM-PINOANA**

**CONFESSION DE FOI**

***Hira : FFPM 133,5-6 (Teniny tsy mba mivadika !)***

6. Teraka ny fifaliana
Tonga ny filazantsara !
Andron'ny fitomaniana
:,: Mody ho Pasaka tsara !:,:

*Vavaka mialoha ny Toriteny*

*Prière d'illumination*

# TORITENY

# PREDICATION

**Feon-java-maneno fohy**

**Jeu d'orgue**

CHORALE

## TSY AMPY

1- Tsy ampy ahy ny handohalika mivavaka
Fa ny asa fitoriana Anao no tiako handravaka
ny fiainako ka hijoroako
ary andaniako ny herim-poko;
hanandratra Anao no masaka ao anatiko ao.
Tsy ampy ny ora iray na roa enti-midera Anao
Miredareda anaty fo ny afom-pitiavanao
na ny hatrizay sy ny ho aviko aza
tsy ho ampy hahafahako milaza
hitanisako ireo harem-pahasoavanao.

# TSY AMPY

<u>Refrain 1</u>: Ireny Asanao rehetra ireny
Dia tsy ho voalahatra ny teny
Ka hilazako ny amin’ireny fa mahatalanjona
ny avotr’ain’ny Zanakao, milaza ny halebiazanao
Maneho ihany koa ny Fitiavanao Jehovah ô
Ambony indrindra lanao
Mpanjaka tokana lanao
Ny Fahefana an-tananao miasa amin’izao rehetra izao

## TSY AMPY

2- Tsy ampy ho ahy ny hoe mandre ireo hafatrafatrao
'ty foko feno hetaheta resy lahatra
Dia tiako hitombo ara-panahy
Hadio tokoa ka tena sahy hiady ho Anao mba ho Mpandresy tahaka Anao.
Rehefa tena tafalatsaka ao anaty ao
'Lay Teninao izay harena sy fananana
Dia isan'andro satry foana hamaky an'io satria nahoana? Harena tsara, zaraina samy hanana.

## TSY AMPY

Refrain 2: Fa maro ireo karazam-boky heverina ahitana toky,
Kanefa aiza fa voafetra ny saina atolony.
Ny tokana azonay ekena, ho Làlana sy Fandresena dia izay voasoratrao Baibolinao Jehovah.
Ambony indrindra lanao
Mpanjaka tokana lanao,
Ny Fahefana an-tananao miasa amin'izao rehetra izao.

***Hira : FFPM 141,1-4 (Efa resy izao, na dia ny fasana aza!)***

1. Efa resy izao
na dia ny fasana aza,
Ka asandrato re
ny hira sy ny feo,
Jesosy nampikoy
Lay rafy 'zay nandoza,
Ry fahafatesana ô!
Aiza moa ny herinao?

*Hira : FFPM 141,1-4 (Efa resy izao, na dia ny fasana aza!)*

4. Kristy no santatra:
ny lalana mankany
Ho ao an-tranon-dRay,
mivoha tsara izao.
Ny fifaliana
manerana ny tany.
Ry fahafatesana ô!
Aiza moa ny herinao?

*Mpitarika* : Ho aminareo anie ny Tompo ! Aoka hizara ny fiadanana isika

*Fiangonana* : Ho aminao anie ny Tompo !
Ary ho aminao koa

<u>Sursum Corda</u> *(Mitsangana)*

*Mpitarika* : Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo

*Fiangonana* : Asandratray ny fonay ho eo amin'ny Tompo

*Mpitarika* : Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra

*Fiangonana* : Mendrika ho deraina Izy

*Officiant* : Que le Seigneur soit avec vous ! Partageons-nous la paix

*Assemblée* : Que le Seigneur soit avec vous !
Et avec toi aussi

<u>Sursum Corda</u> *(Debout)*

*Officiant* : Elevons nos cœurs vers le Seigneur

*Assemblée* : Nous élevons nos cœurs vers le Seigneur

*Officiant* : Louons Dieu notre Seigneur

*Assemblée* : Il est digne de louanges

## Préface *(Mitsangana)*

*Mpitarika* : Eny tokoa Tompo ô, Ray Masina, Andriamanitra mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny isaoranay Anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay tia anay sy nanolo-tena hamonjy anay ; Amin'ny alalany koa no ideran'ny anjely ny fiandriananao sy itsaohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra anao amin'ny tahotra ary iarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miara-manandratra ny feonay aminy, ka amin'ny fanajana lehibe no ideranay hoe :

## Préface *(debout)*

*Officiant* : OH OUI SEIGNEUR, PÈRE SAINT, DIEU ETERNEL, TU FAIS TOUT. IL EST BON ET C'EST POUR NOTRE SALUT QUE NOUS TE BÉNISSONS EN TOUT TEMPS ET EN TOUT LIEU PAR TON FILS JÉSUS- CHRIST, NOTRE SEIGNEUR, QUI NOUS AIME ET S'EST LIVRÉ POUR NOUS SAUVER ; C'EST AUSSI PAR LUI QUE LES ANGES LOUENT TA GRANDEUR, QUE TOUTE DOMINATION ET TOUTE PUISSANCE T'ADORENT AVEC CRAINTE, QUE TOUTES LES ASSEMBLÉES DANS LE CIEL ET SUR LE TERRE CHANTENT TON NOM PAR DES LOUANGES.
DE MÊME NOUS, MAINTENANT, NOUS ÉLEVONS ENSEMBLE NOS VOIX ET C'EST AVEC UN GRAND RESPECT QUE NOUS TE LOUONS :

- **Hira : Antema 1 *(Sanctus)***

***Masina ! Masina !***
***Masina Jehovah Tompo !***
***Feno ny voninahitrao izao rehetra izao***
***Ry Tompo ô ! Amena***

- **Cantique : Antema 1 *(Sanctus)***

***Saint ! Saint !***
***Saint est l'Eternel !***
***La terre est remplie de sa gloire***
***O Eternel ! Amen***

- Vavaka *(Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse)* *(Mipetraka)*

*Mpitarika* : Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :
Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

*Fiangonana* : Efa maty Kristy, efa nitsangana Kristy ary ho avy amim-boninahitra.

*Officiant* : CHERS AMIS EN CHRIST, FAISONS MÉMOIRE DE JÉSUS-CHRIST QUI EST MORT POUR NOUS ET QUI EST RESSUSCITÉ DES MORTS POUR NOUS JUSTIFIER, C'EST LE SACRIFICE D'ACTION DE GRÂCE QUE NOUS OFFRE DIEU.
ENSEMBLE BÉNISSONS-LE ET PRIONS :
NOUS TE REMERCIONS DIEU NOTRE PÈRE, SEIGNEUR DU CIEL ET DE LA TERRE. PAR TA MISÉRICORDE ENVERS NOUS PÉCHEURS MALHEUREUX, TU NOUS AS DONNÉ TON FILS UNIQUE, AFIN QUE QUICONQUE CROIT EN LUI NE MEURE POINT MAIS QU'IL AIT LA VIE ETERNELLE

*Assemblée* : CHRIST EST DÉJÀ MORT, CHRIST EST DÉJÀ RESSUSCITÉ ET IL REVIENDRA DANS SA GLOIRE.

***Mpitarika*** **: Noho izany ry Tompo, Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.**

***Fiangonana*** **: Amena, avia Jesoa Tompo !**

***Officiant*** **: POUR CELA SEIGNEUR, NOTRE PÈRE QUI ES DANS LES CIEUX, NOUS VOICI DEVANT TOI POUR FAIRE MÉMOIRE DE LA VENUE DE TON FILS , SON INCARNATION, SA SOUFFRANCE, SA MORT, SA RÉSURRECTION, SON ÉLÉVATION DANS LA GLOIRE ET SON INTERCESSION ÉTERNELLE. NOUS ATTENDONS ET NOUS PRIONS POUR SON RETOUR.**

***Assemblée*** **: AMEN, VIENS SEIGNEUR JÉSUS !**

# AGNUS DEI

***Hira : FFPM 113, 1-2 (Feo 784) (Jeso, Zanahary !)***

1. Jeso, Zanahary!
Masina sy tò,
Nanome ny ainao
Noho ny olonao.

2. Tsy niaro loza
Tamin-tenanao,
Fa mba tonga ory
Noho ny olonao.

***Mpitarika*** **: Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe :**

***Fiangonana*** **: Rainay ô izay any an-danitra ....**

## FANASANA

**Mpitarika : Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny Tenan'i Jeso Kristy Tompontsika. Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny ran'i Jeso Kristy Tompontsika. Hoy ny Tompo : Andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !**

## FANDRAISANA

***Officiant*** **: NOUS AVONS REÇU L'ESPRIT PAR LEQUEL NOUS DEVENONS ENFANTS DE DIEU AUSSI NOUS POUVONS APPROCHER DU PÈRE ET DIRE :**

***Assemblée*** **: Notre Père qui es aux cieux ...**

## INVITATION

***Officiant*** **: LE PAIN QUE NOUS ROMPONS EST LA COMMUNION AU CORPS DE NOTRE SEIGNEUR JÉSUS-CHRIST**
**LA COUPE DE BÉNÉDICTION QUE NOUS BÉNISSONS EST LA COMMUNION AU SANG DE NOTRE SEIGNEUR JÉSUS-CHRIST (1 CORINTHIENS 10 / 16)**
**LE SEIGNEUR DIT: ALLEZ, CAR TOUT EST PRÊT !**

## SAINTE CENE

## *Hira Fandraisana : FFPM 255 (Ny ràn'ny Zanak'ondry latsaka !),*

1. Ny ran'ny Zanak'ondry latsaka
Namelona ahy tany Golgota !
Ka io no tena vatofantsika
Maharitra ny tafio-drivotra !

2. Raha voaratra noho ny otako
Ka lany foana ny heriko
Ny rany masina nalatsaka
No nahitako fahasitranana !

## *Hira Fandraisana : FFPM 255 (Ny ràn'ny Zanak'ondry latsaka !),*

3. Izao hira vao izao no mamiko
Ka tonga tsy misaraka amiko :
Ny ran'ny Zanak'ondry no mahay
Manavotra ahy mba ho an'ny Ray !

4. Raha ketraka sy kivy re ny fo,
Velomiko indray ny hirako
Ny amin'i Jesosy sy ny ra
Ka afaka ery ny tahotra !

## *Hira Fandraisana : FFPM 261 (Ankehitrio no isehoanao !)*

1. Ankehitrio no isehoanao
Ry Jeso Tompo, izay malalanay,
Ankehitrio no anandramanay
Ny hafaliam-ben'ny lanitrao !

2. Ampiomany ao am-po izahay
Hampahadio ny eritreritray,
Hahatakaranay ny avotrao
Izay nambaranao tao Kalvary !

## *Hira Fandraisana : FFPM 261 (Ankehitrio no isehoanao !)*

3. Eto no anoloranao anay
Ny mofon'aina, rano velona
Eto no ialanay sasatra
Amin'ny adinay sy rafinay

4. Ry Jeso ô, miandry izahay
Ny fiavian'ny voninahitrao
Ho toy ny andro vao miposaka
Ho toy ny rano mahavelona !

## *Hira Fandraisana : FFPM 261 (Ankehitrio no isehoanao !)*

5. « Raiso ny Tenako » no teninao
« Ary ny Rako ho fiainana »
Am-pitiavana no andraisanay
Na dia tsy mendrika aza izahay !

6. Mombà anay, ry Tompo tia ô,
Aza miala amin’ny fonay
Aoka ny tavanao hazava re
Amin’ny lalana alehanay !

**Teny fampaherezana**
***(Mitsangana)***

**Mpitarika : Jeso Kristy Tompontsika izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny Tenany sy ny Ràny izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, Izy anie hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fahasambarana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana !**

**Fiangonana : Amena**

**Parole d'encouragement**
***(Debout)***

***Officiant*** **: JESUS-CHRIST NOTRE SEIGNEUR QUI A ÉTÉ CRUCIFIÉ, QUI EST MORT ET QUI EST RESSUSCITÉ, C'EST LUI QUI VOUS A DONNÉ SON CORPS ET SON SANG POUR VOUS SAUVER DE TOUS VOS PÉCHÉS. C'EST LUI QUI VOUS FORTIFIERA ET VOUS GARDERA DANS LA VRAIE FOI POUR LE BONHEUR ÉTERNEL. QUE LA PAIX SOIT AVEC VOUS !**

***Assemblée*** **: AMEN**

***Fisaorana : FFPM 167,1-2 (Midera ny Anaranao!)***

1. Midera ny Anaranao
‘Zahay, ry Tompo ô,
Ka hira no ventesinay
Hoe : haja, saotra, hery
Mba raiso ho Anao !

2. He, voahombo Ianao
Nisolo heloka
Ka mendrika hanaovanay
Hoe : haja, saotra, hery
Mba raiso ho Anao !

FILAZAN-DRAHARAHA

RAKITRA

ANNONCES

OFFRANDE

***Hira : FFPM 138 (Ity no andro maharavo !)***

1. 'Ty no andro maharavo
Ora fifalianay
Lay Mpanarina ny lavo
No niady ho anay !
:,: Haleloia, haleloia,
Ho Anao Mpanjakanay !:,:

Hira : FFPM 138 (Ity no andro maharavo !)

2. Azonao ny fandresena,
Ry Mpamonjy velona,
Vitanao ny famonjena
Tafatsangana Hianao !
:,: Haleloia, haleloia,
Ho Anao Mpanjakanay !:,:

3. Resinao ny fahotana
Voavoha ny fasanao !
Torotoro re Satana
Afaka ny olonao !
:,: Haleloia, haleloia,
Ho Anao Mpanjakanay !:,:

**- *Hira fanolorana ny rakitra* :**

**- *Présentation de l’offrande* :**

***441,3 (Raiso ny fanahiko)***

3. Raiso ny fahaizako
Ento mba hanaja Anao ;
Raiso koa ny volako
Ho Anao tokoa izao !

# VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

# PRIERE D'ACTION DE GRACE ET D'INTERCESSION

## Hira : FFPM 142,1-2 (Tafatsangana tokoa!)

1. Tafatsangana tokoa
Haleloia
Jeso Kristy Tompo soa !
Haleloia
Maty nefa velona !
Haleloia
Mihirà ry olona !
Haleloia

2. Foana ny fasana
Haleloia
Indro, Jeso velona !
Haleloia
Toky tsy mamitaka
Haleloia
Mihirà ry olona !
Haleloia

*Mpitarika* : Ho aminareo anie ny Tompo

*Fiangonana* : Ary ho amin'ny fanahinao

*Mpitarika* : Tsodrano

*Mpitarika* : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ka ho mandrakizay. Amena.

Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo

*Fiangonana* : Isaorana anie Andriamanitra !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena !

Feon-java-maneno firavana

*Officiant* : Que le Seigneur soit avec vous

*Assemblée* : Et avec votre esprit

*Officiant* : Bénédiction

*Officiant* : Gloire à Dieu Père Fils et Saint Esprit comme au commencement, à nos jours et d'éternité en éternité. Amen.

Allez dans la Paix au service du Seigneur

*Assemblée* : Béni soit le nom de l'Eternel !

Au Nom de Dieu le Père, le Fils et le Saint Esprit. Amen !

Jeu d'orgue